MINISTERAM-PANJAKANA
MISAHANA NY TETIKASAN'NY
FIADIDIANA NY REPOBLIKA,
NY FANAJARIANA NY TANY
ARY NY FAMPITAOVANA



# Ny famolavolana ny Drafitra Ifotony Fanajariana ny Tany DIFT na SAC ?

TORO-LALANA HO AN'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA



# Ny famolavolana ny Drafitra Ifotony Fanajariana ny Tany DIFT na SAC ?

TORO-LALANA HO AN'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA

**Mpanatontosa**
Ministeram-panjakana misahana
ny Tetikasan'ny Fiadidiana ny
Repoblika, ny Fanajariana ny Tany
ary ny Fampitaovana (MEPATE)

*Immeuble des Travaux Publics*
*BP 24bis, Anosy - 101 Antananarivo*
*Madagascar*

*T +261 (0) 34 05 522 19*
*E spt@mepate.gov.m*
*I www.mepate.gov.mg*

**Mpamorona**
GIZ

**Sary**
Rakotosolofo Gilbert

**Lasitra**
Groovy Artistik

**Fanapariahana**
MEPATE

Nasiam-panavaozana
Antananarivo, septambra 2015



# Fizahan-takelaka

1 I. **Fampidirana**

5 II. **Inona avy ireo dingana fandrafetana DIFT**

5 II.1. Ny dingana fanomanana

11 II.2. Dingana fandrafetana DIFT

17 II.3. Dingana fankatoavana ny DIFT

21 II.4. Dingana fampiharana, fanaraha-maso ny DIFT

23 III. **Dingana fampiharana, fanaraha-maso ny DIFT**

24 IV. **Ny Kaominina tsy manana PLOF ve afaka mandrafitra DIFT?**



## La liste des abréviations

**BIF** Birao Ifoton'ny Fananan-tany

**CLR** Comité Local de Reconnaissance

**CRIF** Centre de Ressources et d'Informations Foncières
*Ivo-toerana Fifanakalozam-baovao amin'ny Fananan-tany*

**DIFT** *Drafitra Ifotony Fanajariana ny Tany*

**FTM** *Foibe Tao-tsaritany Malagasy*

**GIZ** Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit GmbH

**GPS** Système de Repérage par Satellite
*Fitiliana amin'ny alàlan'ny zanabolana*

**PLOF** Plan Local d'Occupation Foncière
*Sary maneho ny Satan'ny tany*

**PNF** Programme National Foncier
*Fandaharan'asam-pirenena misahana ny fananan-tany*

**SRAT** Service Régional de l'Aménagement du Territoire
*Sampan-draharaha Rejionalin'ny Fanajariana ny Tany*

**STD** Services Techniques Déconcentrés
*Sampan-draharaham-panjakana teknika rejionaly*

**MEPATE** Ministère d'Etat en charge des Projets Présidentiels, de l'Aménagement du Territoire et de l'Equipement
*Ministeram-panjakana misahana ny Tetikasan'ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana*

# I. Fampidirana

## Atao inona ity toro-làlana ity?

Novolavolaina ity toro-làlana ity mba hanamora ny fanatanterahana ireo dingana fandrafetana ny DIFT, tarihan'ny Ben'ny tanàna sy ny filohan'ny filàn-kevitra kaominaly. Manamora ihany koa ny fanentanana ny fokonolona, ny mpikambana ao amin'ny filàn-kevitra kaominaly, ireo mpiasam-panjakana, ny fiaraha-monim-pirenena, ny sehatra tsy miankina sy ireo mpiara-miombon'antoka rehetra, hifarimbona amin'ny famolavolana sy fanatanterahana ny DIFT.

## Inona no atao hoe Drafitra Ifotony Fanajariana ny Tany na DIFT?

Ny DIFT dia fitaovana manome toro-làlana mikasika ny fitantanana sy ny fanajariana ny faritry ny Kaominina (toy ny famaritana ny toerana hanitarana tanàna, ny fambolena, fambolen-kazo, na hananganana foto-drafitr'asa toy ny toeram-pianarana, ny toeram-pitsaboana, ny foto-drafitr'asa momba ny rano fisotro madio).



Ny DIFT no mirakitra sy mamaritra mazava ireo vinam-pampandrosoana ao anatin'ny 15 taona ho avy ho an'ny Kaominina.



Ahitana dingana maromaro ny fandrafetana azy ary ifarimbonan'ny rehetra izany amin'ny fomba mangarahara. Ny DIFT dia mamaritra ihany koa ireo paik'ady sy lamin'asa fampandrosoana ao amin'ny Kaominina, sy mandalina ifotony ireo harena voajanahary sy otrikarena ao amin'ny Kaominina ary ny fomba hampiasana maharitra azy ireo.

## Atao inona ny Drafitra Ifotony Fanajariana ny Tany na DIFT?

Ny lalàna faha 94-007 dia mamaritra mazava fa andraikitry ny Kaominina eto Madagasikara ny fiadidiana sy ny fanajariana ny tany ary ny fampiroborobona ny fampandrosoana. Noho izany, ny DIFT dia fitaovana manamora ny fanatanterahana io andraikitra io, toy ny fampiasana vola ataon'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina, mifandraika amin'ny fampandrosoana isan-tsokajiny.

Manampy ny mpitondra kaominaly amin'ny fahaizany miasa ka mahatonga azy ho to teny kokoa ny fananana azy, ary manampy azy handray fanapahan-kevitra mahomby sy tsy mitanila ary manatsara ny kalitaon'ny fiadidiana ifotony.

## Manankery toy ny lalàna ve ny DIFT?

Ankoatry ny fakàna ny hevitry ny vahoaka amin'ny alàlan'ny peta-drindrina dia mamoaka didim-pitondrana kaominaly ny Ben'ny tanàna alohan'ny ankatoavan'ny Komitim-Paritry ny Fanajariana ny Tany ny DIFT. Raha toa ka tsy misy io rafitra io eo anivon'ny Faritra, dia ny Ministeran'ny Fanajariana ny Tany no mankato sy mamaritra ireo fepetra fampiharana ny DIFT.

Noho ireo dingana voalaza ireo, ny fanapahan-kevitra rehetra raisin'ny Kaominina sy ireo tompon'andraiki-panjakana any amin'ny foibe na any amin'ny faritra mikasika ny fampandrosoana sy ny lafitany ao amin'ny Kaominina mandritry ny 15 taona, dia manaraka ireo toro-làlana voarakitra ao anaty DIFT sy manaja ny fitsipika ankapobeny ny fampiasana ny tany voafaritra ao anatiny.



## Ny fiovaovan'ny toetr'andro

Maro amin'ny Malagasy, indrindra ny any Ambanivohitra no miaina mivantana ny fiovaovan' ny toetr'andro izay miantraika eo amin'ny tontolon'ny Kaominina. Ohatra amin'izany ny tsy fahampian'ny rotsak'orana, ny fihotsahan'ny tany, ny faharitran'ny tahirin-drano, ny fikaohan'ny ranomasina ny morontsiraka.





Mandritry ny fandrafetana ny DIFT, ny vahoaka dia mandalina ny fiseho sy ny fiatraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro ary mamaritra ireo paik'ady maharitra hiatrehana izany. Omen-danja manokana ny lafin'ny fambolena, ny jono, fitantanana maharitra ny tahirindrano sy ny ala ary ny fako.

## Nahoana no ampandraisana anjara amin'ny famolavolana ny DIFT ny fokonolona ?

Zava-dehibe ny fandraisan'ny fokonolona anjara amin'ny fandrafetana ny DIFT satria izay no hamporisika azy ireo hanaja sy hampihatra ireo toro-marika momba ny fanajariana ny tany voarakitra ao anatiny.

Tsapa ihany koa fa ny fokonolona dia mahalala tsara ny faritra misy azy sy ny fomba fanajariana, mahafehy ny otrik'arena sy ny halemen'ny harena voajanahary misy ao aminy ka mendrika omendanja ao anaty fandalinana sy ny famaritana ny tolo-kevitr'izy ireo.



# II. Inona avy ireo dingana fandrafetana DIFT ?

Ahitana dingana efatra ny fandrafetana ny DIFT : ny dingana fanomanana, ny dingana famolavolana, ny dingana fankatoavana ary ny dingana fampiharana, fanaraha-maso arahana tomban'ezaka sy ny fanavaozana ny DIFT.

## II.1. Ny dingana fanomanana

**1**

Ny Ben'ny tanàna dia manolotra ny vinavina famolavolana ny DIFT mba ho ankatoavin'ny filàn-kevitra kaominaly.




**2**

Miara-maminavina ny teti-bola sy mijery ireo teknisianina afaka hanampy azy amin'ny fandrafetana ny DIFT ny Ben'ny tanàna sy ny ekipany, ary ny Mpanolo-tsaina.

Amporisihana ny fiaraha-miasa amin'ireo teknisianina ifotony mahafehy sy manana traikefa

amin'ny fanangonana sy fandalinana antontan'isa, fitarihana atrik'asa sy fandrafetana ny antontan-kevitra DIFT (oh : teknisianina kaominaly misahana ny fampandrosoana, ny fananan-tany, ny fahasalamana, ny fanabeazana, ny fambolena, sns). Toy izany ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ireo teknisianina eny anivon'ny Faritra toy ny STD, indrindra ny sampan-draharaham-paritra misahana ny fanajariana ny Tany (SRAT), ary ireo mpiara-miombon'antoka.

## 3

Ny Ben'ny tanàna dia manolotra ny vinavina famolavolana ny DIFT, ny teti-bola voafaritra sy ny fiaraha-miasa apetraka mba ho ankatoavin'ny filàn-kevitra kaominaly.
Aorian'izay dia andraikitry ny Ben'ny tanàna ny mamoaka ny didim-pitondrana mifandraika amin'izay sy mandefa izany ho amarinin'ny lehiben'ny Distrika raha mifanaraka amin'ny lalàna velona.

### Fitaovana ilaina

- Herin'aratra ;
- Solo-tsaina (iraiketana ny antontan'isa, antontan-kevitra saritany sy handrafetana ny boky DIFT) ;
- Logiciel ArcGIS 9.3 (hanamboarana saritany) ;
- Stabilisateur (iarovana ny fitaovana amin'ny mety fahatapahan-jiro) ;
- Clé USB na disque dur.

## 4

Ny Ben'ny tanàna dia mampahafantatra ny tetik'asa fandrafetana ny DIFT ataon'ny Kaominina sy ny teti-bola mifandraika amin'izay amin'ireo mpiara-miombon'antoka sy ny mpandraharaha ara-toekarena ary mifampiraharaha amin'izy ireo mba hisian'ny fiaraha-miasa sy fanohanana ara-teknika sy/na ara-bola.

## 5

Ny Ben'ny tanàna dia mitady teknisianina mahafehy ny fikirakiràna saritany amin'ny alàlan'ny solo-tsaina (oh : CRIF na hafa) sy mametraka fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny famolavolana

ireo saritany ilaina mandritry ny fandrafetana ny DIFT. Asiana fifanarahana an-tsoratra eo amin'ny Ben'ny tanàna sy ny teknisianina mamaritra ny anjara asan'ny andaniny avy.

**6**

Ilaina ny fijeren'ny Ben'ny Tanàna sy io teknisianina misahana ny saritany io mialoha ireo fitaovana ampiasaina ahafahan'ny roa tonta mikaroka vahaolana raha sendra sakana eny anivon'ny Kaominina na iarahana amin'ireo Kaominina manodidina.




**7**

Mihaona amin'ny Lehiben'ny Faritra ny Ben'ny tanàna ka mampahafantatra azy ny vinavinany handrafitra ny DIFT, ary mangataka azy hampandre sy hanentana ireo STD handray anjara sy hanohana ara-teknika ny Kaominina. Mihaona amin'ny Talem-paritry ny Fanajariana ny Tany ihany koa izy ary mangataka fanohanana ara-teknika mikasika ireo dingana fandrafetana sy ny fenitra fanajariana isan-tsehatra, sy tohana ara-bola eo anivon'ny Ministera raha toa ka misy ny fahafahana manao izany.



## Andraikitr'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fanatanterahana ny DIFT

### Faritra :

- Manamora ny fiaraha-miasan'ny Kaominina sy ny STD ;
- Mandray anjara amin'ny atrik'asa teknika ;
- Mpanao sonia ny « fifanekena fizarana andraikitra » ;
- Manamafy ny fangatahana ataon'ny Kaominina eny anivon'ny ministera.

### Distrika :

- Manara-maso ny lalàna kaominaly amin'ny fampiharana ny DIFT ;
- Manatrika ny fivoriana mikasika ny famaritana ny tanin'ny Kaominina ;
- Mandray anjara amin'ny atrik'asa teknika.

### Ben'ny tanàna :

- Miantoka ny fampandehanana ny asa (mitantana sy manetsiketsika ny ekipa teknisianina) ;
- Mifandray sy miara-miasa akaiky amin'ireo mpiara-miombon'antoka ;
- Mijery akaiky ny teti-bola sy ny fampitaovana.

### Ekipa teknika :

- Miandraikitra ny fandrafetana ny DIFT (manangona sy mijery ny antotan-kevitra, mandamina sy manomana atrik'asa ...).

### Teknisianina misahana ny saritany :

- Mandray an-tànana ny famitana ny fandrafetana ny DIFT sy ny fanaovana saritany.

### Fokontany :


- Ao anatin'ny ekipa teknika ;
- Manamora ny fampahafantarana ny DIFT eny anivon' ny fokontany ;
- Mandray anjara amin'ny atrik'asa kaominaly.

### STD :

- Mamorona ny antotan-kevitra ;
- Manohana ara-teknika ny Kaominina ;
- Mandray anjara amin'ny atrik'asa teknika ;
- Manao sonia ny « fifanekena fizaràna andraikitra ».

### Komity Kaominalin'ny Fampandrosoana :

- Rafitra isan-tsehatra sy isam-pokontany, ifanakalozana sy fakàna hevitra mandritry ny fandrafetana ny DIFT ;
- Rafitra mpanara-maso ny fampiharana ny DIFT.



**8**

Manangana sy mitarika ekipa teknika ny Ben'ny tanàna, izay ahitana ireo tompon'andraikitra mahasolo tena ireo sehatra misongadina voakasiky ny DIFT, sy izay manana traik'efa eo anivon'ny Kaominina. Ny mpikambana ao anatin'ny ekipa teknika dia miasa antsitra-po ary mila mandresy lahatra azy ireo mialoha amin'izany ny Ben'ny tanàna.

Anjaran'ny Ben'ny tanàna ny mizara amin'ny ekipa teknika ireo antontan-kevitra sy fitaovana ilaina toy ny toro-lalàna fandrafetana ny DIFT, ireo fenitra fanajariana isan-tsehatra, ireo DIFT modely izay manome lanja ny fiovaovan'ny toetr'andro. Amporisihana ny fiaraha-miasa akaiky amin'ny SRAT sy ireo Mpiara-miombon'antoka amin'ny Kaominina amin'ny fanofanana ny ekipa teknika.

### Ekipa teknika

- Sampan-draharan'ny fanajariana ny tany ;
- Ben'ny tanàna lefitra ;
- Tompon'andraikitry ny BIF sy teknisianina misahana ny saritany ;
- Solotenan'ny filàn-kevitra kaominaly ;
- Sefom-pokontany ;
- Solotenam-panjakana ifotony (talen 'ny CSB, sekoly, fahasalamana, tontolo iaianana, fambolena, fandriampahalemana, fampitàm-baovao) ;
- ONG na mpiara-miombon'antoka ;
- Ireo olom-pirenena mpitarika sy tsara sitrapo (tanora, vehivavy).

**9**

Ny Ben'ny tanàna dia manasa ny solotenan'ny Faritra, ny Distrika, ireo Kaominina manodidina sy ny Birao Ifotony ny Fananan-tany, hijery sy hifanaraka amin'ny fangitry ny Kaominina, enti-manomana ireo saritany ilaina amin'ny DIFT.

Rehefa vita izany, dia mamory ny sefom-pokontany, ny Sojabe ary ny mpanolo-tsaina kaominaly ny Ben'ny tanàna hamaritra ny fangitry ny fokontany sy hirakitra izany an-tsoratra.



# II.2 Dingana fandrafetana DIFT

Ny Ben'ny tanàna no tompon' andraikitra voalohany amin'izany. Kanefa afaka mamindra izany andraikitra sy fahefana izany izy amin'ireo lefiny.

**1**

Ny Ben'ny tanàna sy ny ekipa teknika dia manangona ireo antontan'isa ao amin'ny Kaominina sy eny amin'ireo sampan-draharaham-panjakana ifotony sy ao an-drenivohitry ny faritra.

Tsy azo adinoina ny fandalinana ireo antontan-kevitra manan-danja toy ny Drafitra Fampandrosoana na Fanajariana isan-tsokajiny (nasionaly, faritra, kaominaly), ny antontan' isa sy ny mombamomba ny Kaominina (monographie).

### Antontan'isa avadika saritany

- Mponina ;
- Lisitra sy toerana misy ny fotodrafitr'asa (sekoly, CSB, vovo na paompy, làlana, toby zandary, tsena, fitahirizam-bokatra iombonana, toha-drano, isan'ny omby, vala fanaovam-bakisiny, vokatra aram-pambolena, teti-andro fambolena, angovo, fiovaovan'ny toetr'andro) ;
- Lisitry ny mpiara-miombon'antoka ;
- Fanajariana misy sy izay zava-misy eo ambony tany ;
- Faritry ny Kaominina ;
- Fanana-tany, sari-tanin'ny harena ankibon'ny tany ;
- Toetra fizika (renirano, toetany, ati-tany, ny hahavo).

## 2

Rehefa vita izany dia raiketin'ny teknisianina miandraikitra ny saritany ao amin'ny solo-tsaina ireo antontan'isa voaangon'ny ekipa teknika, ary manamboatra ireo saritany voafaritra mialoha izy, na miainga amin'ny saritany fototra (PLOF sy ireo sary nalaina tamin'ny fiaramanidina ampiasain'ny BIF na hafa).

## 3

Midina eny ifotony ny ekipa teknika, ary miaraka amin'ny sefom-pokontany ka mamory fokonolona izy ireo. Mandritra izany no ampahafantarina ny vinavinam-pandrafetana ny DIFT sy ny maha zava-dehibe azy.



Ampahafantarina ny fokonolona ihany koa ireo dingana arahana, indrindra ireo mahakasika azy sy izay ilàna ny fandraisan'anjarany mavitrika. Amporisihiny ny fokonolona hifidy olona 2 na 3 hisolo tena ny fokontaniny avy ao amin'ny Komity Kaominaly Fampandrosoana. Aorian'izay dia miaraka amin'ny fokonolona izy ireo, manamarina sy mameno ireo saritany sy antontan'isa novokarina mikasika ny harena voajanahary, ny foto-drafitr'asa, ny fari-ponenana, ny tanimboly, ny fananan-tany sy ny lafin'ny fizika.



## 4

Rehefa izany, dia miara-mandalina ny fanajariana ao amin'ny fokontany misy azy izy ireo ary manome tolo-kevitra hanitarana sy hampaharitra ny fanajariana isan-tsokajiny mandritry ny 15 taona, arakaraky ny fivoaran'ny tanàna, ny toetany, sy ny fiatraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Anjaran'ny ekipa teknika ny mamporisika ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy.


## 5


Manitsy sy manadio ireo saritany voamarina teny ifotony ny teknisianina miandraikitra ny saritany. Rehefa vita izany, dia alefany any amin'ny ekipa teknika ny saritany nohavaozina, ahafahan'izy ireo mandalina sy mamaritra ireo hevi-dehibe misongadina amin'ny lafin'ny fanajariana ny tany sy manoritsoritra mialoha ireo toro-lalàna, hanamoràna ny fitarihana ny atrik'asa kaominaly voalohany.

## 6

Mampiantso ny Komity Kaominaly Fampandrosoana hiatrika ny atrik'asa kaominaly voalohany ny Ben'ny tanàna mba hanaovana tatitra sy ankatoavana ireo vokatry ny asan'ny ekipa teknika (antontan'isa sy saritany).

Anjaran'izy ireo ny mandalina sy mandrindra ireo tolo-kevitra fanitarana fanajariana isam-pokontany ka mamoaka tolo-kevitra iraisana ho an'ny Kaominina iray manontolo. Io ihany koa no fotoana hamaritana ny fitsinjarana ireo filàn'ny vahoaka, ao anatin'ny 15 taona amin'ny lafin'ny foto-drafitr'asa fototra.





**7**

Aorian'ny atrik'asa voalohany, manitsy sy manatsara ireo saritany sy antontan'isa nasiampanovana ny teknisianina miandraikitra ny saritany, isan'izany ny saritany maneho ny fanitarana fanajariana isam-pokontany notapahan'ny mpizaika.

Rehefa vita izany, ny ekipa teknika dia manomana ireo antotan-kevitra, antotan'isa sy saritany ho entina manoloana ny STD.

**8**

Ny Ben'ny tanàna, ny Lehiben'ny Faritra sy ny SRAT dia manasa ireo STD hiatrika atrik'asa iray, fotoana handrindrana ireo laharam-pahamehana isantsehatra sy handalinana bebe kokoa izay fomba fampandrosoana ara-toekarena mahomby sy maharitra.

## Mpikambana ao anatin'ny Komity Kaominaly Fampandrosoana

- Ekipa teknika ;
- Solotenan'ny Filàn-kevitra kaominaly ;
- Sojabe ;
- Solotena isam-pokontany ;
- Solotenan'ny fikambanana ifotony (mpamboly, mpiompy, mpanao saribao, mpanjono...) ;
- Solotenan'ny fiarahamonim-pirenena (ONG, associations) ;
- Mpandraharaha ara-toekarena (mpitatitra, mpitrandraka harena voajanahary, mpamboly vaventy, sns) ;
- Mpiara-miombon'antoka.

Io ihany koa no fotoana handinihana sy itondrany fanakianana na fanatsarana ny tolo-kevitra fanitarana fanajariana izay tinapaka nandritry ny atrik'asa kaominaly voalohany.


MAIRE
TOURISME
CSB2
DIST
REGION
CISCO
DOMAINES
AGRI
MINE

# II.3. Dingana fankatoavana ny DIFT

**1**

Ny teknisianina miandraikitra ny saritany sy ny ekipa teknika dia mandravina ilay rafim-panajariana nohatsaraina nandritry ny atrik'asa niarahana tamin'ny STD miainga amin'ireo toro-marika isan-tsehatra voaray.

**2**

Rehefa vita izany dia mampiantso ny Komity Kaominaly Fampandrosoana hiatrika ny atrik'asa kaominaly faharoa indray ny Ben'ny tanàna. Mandritra izany no ampahalalana azy ireo ny tolo-kevitra fanajariana nohatsaraina sy ny hevitra azo avy amin'ny faritra, ny distrika sy ny STD. Anjaran'izy ireo ny manapa-kevitra raha ny tolo-kevitra tamin'ny atrik'asa voalohany na ilay nohatsarain'ny ekipa teknika sy ny STD na izy roa mifameno no hatolotra ho ankatoavin'ny Filàn-kevitra kaominaly.

**3**

Aorian'izay dia ataon'ny Ben'ny tanàna sy ny sefom-pokontany peta-drindrina eny anivon'ny fokontany mandritry ny 15 andro ny fanitaram-panajariana nohavaozina mba ahafantaran'ny vahoaka sy itondran'izy ireo fanamarihana eny anivon'ny fokontany raha ilainy.

## 4

Ny ekipa teknika no mandravina sy mampiditra farany ireo fanamarihana nataon'ny vahoaka ao anatin'ny fanitaram-panajariana sy ny fanapariahana ny fotodrafitr'asa. Aorian'izay rehetra izay dia manomboka ny fandrafetana ny antontan-kevitra DIFT izy ireo.




## 5

Aroson'ny Ben'ny tanàna ankatoavin'ny filànkevitra kaominaly ireo hevi-dehibe voarakitra ao anaty DIFT. Raha tsy misy fanakianana na fanatsarana ilaina intsony dia mamoaka ny didim-pitondrana fankatoavana ny DIFT izy.


## 6

Ny komity fanajariana ny tany eo anivon'ny faritra no mankato ny DIFT. Raha tsy misy izany rafitra izany dia mangataka ny Ministera ny Fanajariana ny Tany ny Ben'ny tanàna hankato ny DIFT sy hanome ny fitsipika ankapobeny hampiharana azy.

Ampiarahina amin'ny fangatahana ny antotan-kevitra DIFT (an-taratasy sy elektronika), ny didim-pitondrana fankatoavan'ny filànkevitra kaominaly, sy ny fitanana antsoratra ny atrik'asa niarahana tamin'ny Faritra, ireo STD ary ny Distrika.

## 7

Asain'ny Ben'ny tanàna ny sampan-draharaham-panjakana eo anivon'ny faritra, ny distrika, ireo Ben'ny tanàna mpifanolo-bodirindrina, ny mpiara-miombon'antoka sy ny sehatra tsy miankina mba hifanaiky fa hanaja ny DIFT sy hifampizara andraikitra mazava amin'ny fanatanterahana azy. Misy ny fanaovan-tsonia ny « Satan'Andraikitra ifanekena ».





## Ireo manao sonia ny fizarana andraikitra sy fifanekena


- Faritra ;
- Distrika ;
- Ben'ny tanàna, ny filànkevitra kaominaly ;
- STD: lafin-tany, fanajariana ny tany, ala sy ny tontolo iainana, fambolena, fiompiana, fizahan-tany, fitrandrahana harena ankibon'ny tany, asa vaventy, fahasalamana, fanabeazana, rano, topografia, jono, taozavatra, kolontsaina ;
- Kaominina manodidina rehetra ;
- Mpiara-miombon'antoka ;
- Mpandraharaha ara-toe-karena.

# II.4 Dingana fampiharana, fanaraha-maso ny DIFT

**1**

Adidin'ny Ben'ny tanàna ny mampahafantatra ny vahoaka ny DIFT efa nankatoavin'ny Ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny fitsipika ankapobeny hampiharana azy.

Ampahafatarina azy ireo ihany koa ny votoatin'ny Satan'andraikitra nifanekena sy nanaovan-tsonia tamin'ireo sampan-draharaham-panjakana eo anivon'ny faritra, ny distrika, ny Ben'ny tanàna mpifanolo-bodirindrina, ny mpiara-miombon'antoka sy ny sehatra tsy miankina.



**2**

Ny Ben'ny tanàna dia miahy sy manamarina raha manaja ny toro-marika voafaritry ny DIFT ireo fampiasam-bola sy fanajariana miankina amin'ny fanjakana sy tsy miankina atao ao amin'ny faritry



ny Kaominina. Mamory ny Komity Kaominaly Fampandrosoana in-droa na in-telo isan-taona izy hifampizarana ny fivoaran'ny fampiharana ny DIFT sy handinihana ny fepetra ho raisina raha misy fikatsoana na fanapa-kevitra mifanipaka aminy.

Ireo tompon'andraikitry ny BIF, ny Sampan-draharaham-paritry ny Fanajariana ny Tany, ny komity ifotony mpitsirika ny fananan-tany (CLR) dia miahy sy manamarina ihany koa raha manaja ny drafim-panajariana voafaritry ny DIFT ireo fanapahan-kevitra mikasika ny fananan-tany sy ny fanabeazam-boho ary fanajariana ny tany.

## 3

Andraikitry ny Ben'ny tanàna ny mampahafantatra ny Filàn-kevitra kaominaly ny fivoaran'ny fampiharana ny DIFT fara-fahakeliny in-droa isan-taona. Mampahafantatra ny vahoaka ny zava-bita ihany koa izy eny anivon'ny fivoriam-bem-pokonolona (na amin'ny peta-drindrina na amin'ny alalan'ny haino amanjery…).

## 4

Ny DIFT dia fitaovana atao hivoatra araky ny zava-misy ao amin'ny kaominia ka ilàna fanavaozana. Anjaran'ny Ben'ny tanàna amperin'asa ny manao izany isaky ny dimy taona ary manaraka ny dingana voalazan'ny lalàna velona mifandraika amin'izay.

# III. Ohatrinona ny teti-bidin'ny fandrafetana DIFT ?

Ny fandaniana mikasika ny fandrafetana ny DIFT dia miankina amin'ny velara-tanin'ny Kaominina, ny isan'ny Fokontany, sy ireo fandaniana voatanisa etsy ankilany. Mitotaly eo amin'ny Ar 2 000 000 ka hatramin'ny Ar 5 000 000 eo ho eo ny teti-bola ilaina amin'izany.

Marihina fa ho an'ireo Kaominina tsy manana PLOF sy CRIF dia mbola hiantohany ambonin'io teti-bola io ny sandan'ny saritany fototra iasana sy ny karaman'ny teknisianina miandraikitra ny saritany misolo ny CRIF.

## Ireo fandaniam-bola

- Tambin-karaman'ny teknisianina miandraikitra ny saritany ;
- Solon-tsakafo sy saran-dàlana ho an'ny mpikambana ao amin'ny Ekipa teknika mandritra ny fidinana eny anivon'ny Fokontany ;
- Solon-tsakafo sy fampiantranoana ireo mpizaika mandritra ny atrik'asa kaominaly, ny atrik'asa STD ary atrik'asa fanaovan-tsonia ny fizaran'andraikitra sy fifanarahana ;
- Saran-dàlana amin'ny fivezivezena mandritry ny fanangonana ny antotan-kevitra sy ny fangataham-piarahamiasa amin'ny Faritra sy ny SRAT ;
- Fanatontàna ireo fitaovana enti-miasa (saritany, antotan-kevitra DIFT, lamin'asa amin'ny fanangonana antotan-kevitra) ;
- Kojakojam-birao.



# IV. Ny Kaominina tsy manana PLOF ve afaka mandrafitra DIFT?

Afaka mandrafitra DIFT ny Kaominina tsy manana PLOF saingy mila mitady sy manofana olona hanao ny saritany, izay tokony hanana traikefa mitovy amin'ny CRIF (mahay mikirakira saritany sy ny solo-tsaina ihany koa).

Ny Fandaharan'asam-pirenena misahana ny fananan-tany (PNF) no manana traik'efa amin'ny fampiofanana ilaina. Anjaran'ny Kaominina ihany koa ny manomana ireo fitaovana ilaina araky ny voalaza ao amin'ny efamira voalohany, pejy faha-6.

Mikasika ny sary fototra ampiasaina sy hanaovana saritany, afaka mampiasa sary hafa akoatry ny PLOF ny Kaominina eny anivon'ireo mpiara-miombon'antoka toy ny FTM, PNF… Raha tsy izay dia :

- Afaka mampiasa GPS hijerena ireo toerana misy marika manokana ahafahany manao saritany tsotsotra iraiketana ireo zava-misy rehetra eo anivon'ny Fokontany izy (renirano, lalana, tendrombohitra, tranom-panjakana, tanàna, ala) ;
- Afaka maka sy manatsara ny saritany azo avy amin'ny zanabolana amin'ny alalan'ny Google Earth koa izy. Mila mandany fotoana kokoa anefa ny fanaovana izany mba ahazoana kalitao tsara sy ahafahana manamarina ny saritany amin'ny alalan'ny zava-misy ao an-toerana ;
- Afaka manao fikarohana saritany avy amin'ny zanabolana (SPOT, LANDSAT…) amin'ny alalan'ny télédétection ihany koa izy, saingy somary ambony kokoa ny sarany.

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

c/o Atelier SOA - MEEMF
Ambatobe - 101 Antananarivo - Madagascar

T +261 (0) 34 22 404 95
+261 (0) 33 02 414 30
+261 (0) 32 07 404 95
F +261 (0) 20 22 422 55
E giz-madagaskar@giz.de
I www.giz.de

